# Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Fitsapam-pahaizana 2

**ALMÀ – MÔRÔNIA**

## Toko sy andininy fifehezana fotopampianarana

Ho an'ny fanontaniana 1–3, soraty ilay litera mifandray amin'ny toko sy andininy eo amin'ny banga eo akaikin'ny andianteny tsirairay. Aza mampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

| Andianteny manan-danja | Toko sy andinin-tsoratra masina |
|---|---|
| _______ 1. "Ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion'i Kristy." | a. Almà 39:9 |
| | b. Almà 41:10 |
| _______ 2. "Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany." | c. Môrônia 7:45–48 |
| | d. Helamàna 5:12 |
| _______ 3. "Tsy handehananao intsony araka ny fitsiriritan'ny masonao." | e. Almà 7:11–13 |

## Andianteny manan-danja ao amin'ny soratra masina

Ho an'ny fanontaniana 4–6, fenoy ny teny tsy eo amin'ireo andianteny manan-danja fifehezana fotopampianarana. Aza mampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

4. "Manontany amin- __________________, omban'ny tena __________________, sady mino an'i Kristy. . . .

   Ary amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo __________________ ny fahamarinan'ny zava-drehetra." (Môrônia 10:4–5)

5. "Eo amin'ny __________________ __________________ antsika . . . no tsy maintsy anorenanareo

   ny __________________." (Helamàna 5:12)

6. "Tsy mandray __________________ ianareo raha tsy aorian'ny __________________ ny __________________." (Etera 12:6)

## Fampiharana amina toe-javatra tena misy eo amin'ny fiainana

Azonao atao ny mampiasa ny soratra masinao amin'ny ambin'ny fitsapam-pahaizana.

Ho an'ny fanontaniana 7–9, mitadiava andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray na maromaro manomboka amin'ny Almà hatramin'ny Môrônia izay afaka manampy ny olona iray amin'ireto toe-javatra manaraka ireto. Hazavao ny antony nisafidiananao ilay (ireo) andalan-tsoratra masina nosafidinao.

7. Te hahafantatra ny zavatra tokony hataony mba hanarahana an'i Jesoa Kristy ny zatovovavy iray izay mianatra momba ny Fiangonana.

___________________________________________

___________________________________________

8. Tsy azon'ny namanao ny lanjan'i Jesoa Kristy ary manontany anao ny zavatra nataony ho antsika izy.

9. Te hahafantatra ny fomba ahafahany mahazo ny fanampiana sy herin' Andriamanitra mba ho voaaro amin'ny fakam-panahin'i Satana ny zatovolahy iray.

## Fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy

Ho an'ny fanontaniana 10–11, asehoy ny fahalalanao sy ny fahaizanao mampiasa ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy.

10. Ahoana no hanazavanao amin'ny olona iray ireto fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy manaraka ireto?

    a. Manao asa amim-pinoana.

    b. Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

    c. Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

11. Mahatsapa ny zatovovavy iray indraindray fa toa mametra loatra ny didin' Andriamanitra. Manontany tena izy hoe ho sambatra kokoa ve raha afaka miaina ny fiainany amin'izay fomba tsapany fa mety indrindra fotsiny.

    Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

    a. Inona no zavatra manokana azon'io olona io atao mba hanaovana asa amim-pinoana?

    b. Afaka ny hanampy azy amin'ny fomba ahoana ny fahitana io toe-javatra io amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?

c. Ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dia ohatra amin'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mety hanampy amin'io toe-javatra io? Ahoana izany?

12. Tamin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miisa 12 nohalalininao tamin'ny tapany faharoa amin'ny Bokin'i Môrmôna, inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana nanampy na nanan-danja taminao manokana? Nahoana?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_524-teacher_handout-1